
# ALAHADY PAKA IV - TAONA D2025



## « IZAHO SY NY RAY DIA IRAY IHANY » (JO. 10 : 30) »

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny Paka tokoa isika, Alahady faha-efatra amin'ny Paka izao. Noraisintsika nandritra izao fankalazana Paka 2025 mandritra izao taon-jobilin'ny fanavotana izao ary ao anatin'izao fanatanterahan'ny Sinaody faha -7 fijanonana faha-3 izao ny maka toe-panahin'i Jesoa arak'ireo vakiteny aroson'ny Eglizy isaky ny Alahady mba hianarantsika ka hahatonga antsika ho mpanara-dia an'i Kristy tokoa. Izany hoe ho Kristianina, HO OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA ARAKA NY TANJONA AMIN'IZAO SINAODY IZAO, HO EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY KA MIOMBONA, MIARA-DIA, MANDRAY AN-TANANA, IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA. Ny tanjona dia hahatonga antsika ho mpivahinin'ny fanantenana mamafy fiadanana, hafaliana, fihavanana araka ny lohahevitry ny fijanonana faha-3 mpiray tampo ka mifampitsimbina, mifanasoa, mikatsaka ny soa imbonana… Andao fintinintsika.

> **Vakiteny I :** Asa 13, 14. 43-52
> **Tononkira :** Salamo 99
> **Vakiteny II :** Apôk. 7, 9. 14b-17
> **Evanjely :** Jo. 10, 27-30

Tamin'ny Alahady voalohan'ny Paka dia nampianatra i Md Joany fa I Kristy no Vaovao Mahafaly nandresy ny ratsy ka nitsangan-ko velona, na dia eo aza ny mety ho fisalasalana na

onjam-piainana maro isan-karazany dia nandresy i Kristy ka Izy mpandresy no banjinintsika. Raha miaraka amin'ny mpandresy isika dia ho mpandresy ihany koa. Izany no mahatonga antsika milaza fa Vaovao Mahafaly no entin'I Kristy Nandresy. Vaovao satria tsy misy hatrizay ka hatramin'izao ary tsy mety ho tonta, Jesoa tsy miova omaly, anio sy mandrakizay. Mahafaly satria fandresena ary fahavelomana…Noho izany, mitondra hafaliana mandrakariva ny Paka.

Ny Alahady faharoa kosa dia i Kristy mpandresy no Kristy mpamindra fo. Md Thomas izay tsy nanaiky hino raha tsy nifanatritava tamin'i Jesoa no anatra velona, no modely ho antsika. Hitantsika fa maro ny zavatra manahirana, ohatry ny lavitra izy nefa Ray be famindram-po ny Ray ary i Jesoa no endriky ny famindrampon'Andriamanitra izay hamafisin'i Papa Fransoa fa raha mamela heloka sy mamindra fo isika dia ho mpamafy fiadanana tokoa. Mila finoana ilay finoana nambaran'i Md Thoma : "Tompoko sy Andriamanitro". Izany ihany koa no irintsika amin'izao isika miara-dia amin'izao sinaody izao.

Ny Alahady fahatelo dia tsy mba Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika, tsy firehan-kevitra ny Paka ankalazaintsika fa Andriamanitra eo anivontsika miara-dàlana amintsika sy mpiara-belona amintsika. Kristy velona tokoa eo anivontsika I Jesoa ka isika dia irahina ho vavolombelona, ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Fampianarana velona ireo Apostoly rehefa niverina niasa teo anivon'izao tontolo tsy namokatra fa raha niara-niasa tamin'I Jesoa dia namokatra. Araka ny averintsika matetika "raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Izy no hanao ny asantsika" .

Amin'izao Alahady faha-efatra izao dia hibanjina an'i Jesoa Mpiandry Ondry tsara isika ka hivavaka manokana ho an'ny fiantson'Andriamanitra indrindra ho an'ny Voatokana sy ny Pretra ary hivavaka manokana ho an'ireo tany miady sy mikorontana satria tahaka ny ondry tsy manam-piahy izy ireo.

Ny toetran'i Kristy Mpiandry Ondry tsara no banjinintsika amin'izao Alahady izao ka hivavaka indrindra isika ho an'ny Eglizy izay tena mahatsiaro voadona mafy noho ny zava-misy maro mifamahofaho eran'izao tontolo izao toa ny ady, eo ihany koa ny olana eo anivon'ny Eglizy. Izany ihany no mahatonga antsika niantso izao sinaody izao izay anentanana antsika EOV rehetra hahay hananararaotra mba hiara-hivavaka sy hiaraka handalina ny finoana. Alahady hivavahantsika koa ho an'ny eveka, ny pretra, ny inspektera, ny filohan'ny Eglizy sy ho an'izay manana andraikitra amin'ny Eglizy ary aza adino fa ny fototry ny Eglizy dia ny fianakaviana ka mivavaha ho an'ny fianakaviana sy ny vocation ho an'ny fanambadiana izay taninketsa ipoiran'ny vocation rehetra. Andro lehibe tokoa androany hivavahantsika ho an'ny vocation izany hoe andro handinihintsika ny fiainantsika mba ho fiainana maha zanak'Andriamanitra anisan'ny Fianakaviam-ben'Andriamanitra, Fratelli Tutti, Olo Araiky isika jiaby. Miantso Andriamanitra, miantso anao Andriamanitra ka anjaranao, anjarantsika no mamaly ary rehefa mamaly ianao, isika dia mandrotsaka fahasoavana izy ka ny fiainanao, fiainantsika ampifanarahanao, ampifanarahantsika amin'ny antso izay valiana. Ny fiainanao, ny fiainan'ny tsirairay mamaly ny antso no mitondra ny fiadanana ao aminao ka mahatonga anao ho mpamafy hafaliana sy fanantenana amin'ireo manodidina.

Aiza no hahafahantsika mamaly an'izany rehetra izany?

Ampianarin'ny Eglizy isika androany fa ny Mpiandry Ondry tsara no modely ho antsika hiainana ny vôkasiontsika na inona na inona ny toe-piainantsika sy ny iraka tanterahantsika na lahika na relijiozy na pretra. Tsy inona io toetra fototra hita ao amin'ny Mpiandry Ondry tsara io fa ny fahafoizana sy fanompoana. Raha fotorana anefa dia iray ihany ireo satria tsy hisy ny fanompoana raha tsy mahafoy ary tsy ilaina ny fahafoizana maimaim-poana tsy misy tambiny raha tsy entina hanompoana, hanasoavana ny hafa. Azo lazaina fa tena eo amin'ny ivon'ny fivelomana ny batemy isika miresaka izany rehetra izany ka hahatonga antsika ho EOV tokoa araka ny dinika rehetra amin'izao sinaody izao. Io no naverimberintsika tamin'ny KEN 2024 FIAINANA EOKARISTIKA : fiainana fahafoizana, fiainana fanompoana…

Andao àry hohalalinintsika ireo toetra fototry ny Mpiandry Tsara ireo :

Mahafoy tena izany hoe misy ny "renoncement", io no hahazoantsika ny fiadanana, izany ny toetra voalohany. Mahafoy ny ainy ho antsika, araka ny voalaza ao amin'ny Evanjely nosoratan'I Md Joany androany izay mitantara amintsika mikasika ny Mpiandry Ondry tsara araka ny fampianaran'I Jesoa, mahafoy tena, mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny izy. Io no lalana mitondra amin'ny fiadanana satria mampiombona, mampihavana na amin'ny zava-boary, na eo anivon'ny fiaraha-monina na amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Matoa mikorontana ny fiainana dia satria tsy hita ny fahafoizana sy fanompoana. Fitiavan-tena sy fialonana ary avonavona ao anatin'ny fitsaraham-belatsihy no hita amin'izao ka miteraka rafi-pahotana toa izay mametraka rafitra mampivelatra. Izany no mhatonga antsika mamerimberina ADY SADY DIA ny fiainana. Ady amin'ny ratsy dia io rafitra mitondra amin'ny fahotana io, ny ratsy no iadiana fa tsy ny olona. Ary Dia mizotra amin'ny fiainana eokaristika ka zary Kristy Mpiara-belona amin'ny olona…

Ny toetra faharoa izay sarobidy dia izy mahalala ny ondriny satria mihaino ny ondriny, miresaka amin'ny ondriny izy. Izay koa no tsy maintsy ataon'ny mpiandry ondry tsara, afaka miara-dia amin'ny ondriny izy satria mahalala tsara ny ondriny ary ny ondriny mahalala ny feony. Ambaran'i Papa amin'ny teny frantsay hoe "pastorale synodale" izany hoe ny fitoriana dia ao anatin'ny fiarahan-dia ka raha miara-dia dia mihaino izay miara-dia aminao. Tahaka ny nataon'ireo mpianatra tany Emaosy izay azo lazaina fa mafimafy loha ihany tamin'izy tsy nanaiky izay nambaran'I Jesoa ka nahatonga an'I Jesoa nilaza hoe ry adala sy votsa saina. Isika koa indraindray amin'ny maha mpiandry ondry antsika toa sahiran-tsaina satria tsy tafita ny hafatra ampitaintsika, fantatsika fa eo koa ny ratsy. Ny tsara dia tadiavin'ny demony hopotehina mandrakariva. Misy fifandraisana tsara eo amin'ny ondry sy ny mpiandry ondry, izany no maha EOV antsika ka manorina ETA dia ilay tranoben'Andriamanitra ka mahatonga antsika ho taranaka mpanorina. Azontsika onogna tsara amin'izao ny antony ilazantsika fa mila mifampitraotra isika, mifanojo amin'izao Sinaody izao mba hiara-dia, hiara-dalana. Tanteraka izany raha mahay mifampitandregny isika, mihaino ny hafa. Ny mahatonga ny korontana matetika dia isika tsy mifampihaino. Rehefa tsy mifampihaino dia tsy hifankahalala. Nefa isika tsiraikiraiky no Mpiandry Ondry amin'ny manodidina antsika ka noho izany tsy maintsy mahalala ny ondry isika. Raha tsy izany dia tanteraka tokoa ny dikan'ny Mpiandry omby aty amintsika : "tsy manaja". Mila fiovam-penitra mahery vaika isika mba zary ho "Mpanaja".

Maro ny toetry ny Mpiandry tsara azo asongadina amin'izao Alahady faha-4 izao, fa ireto no lazaina : ny mpiandry ondry tsara tsy mieboebo na mipoerapoera fa feno fanetren-tena satria mpanompo izy.

Feno fahatsorana sy fahamarinana, izany no toetra manaraka ianarantsika avy amin'ny mpiandry ondry tsara ka aoka amin'izao Alahady faha-efatra izay hivavahantsika manokana ho an'ny mpiandry ondry tsara izao mba hananantsika EOV miatrika izao sinaody izao ireo toetra ananan'ny mpiandry ondry: ny fahafoizana, ny fahaizana mihaino ka hahalala ny ondriny ary aoka ny mpiandry ondry ho vonona hanompo sy feno fanetren-tena, fahamarinana sy fahatsorana ka vonona mandrakariva hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny fampianarana farany dia izay voalazan'I Md Joany "Hanahaka azy satria hahita azy araky ny tena toetrany" izany no angatahintsika amin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-4 amin'ny fankalazana ny Paka izao.

I Jesoa mpiandry ondry tsara no modely ho antsika ka enga anie izy handrotsaka mandrakariva ny fahasoavany amintsika ka haka tahaka azy isika, hivavaka ho an'ny eveka ny pretra mba ho tena mpiandry ondry tsara tahaka an'I Kristy izy ireo, hahalala ny ondriny sy ho fantatry ny ondriny. Entina ambavavaka ny Konklavy mba ho Papa araka ny sitrapon'I Jesoa no voafidy ka ho Mpiandry Tsara mahatoky ny fianakaviamben'Andriamanitra

Ry Jesoa mpiandry ondry tsara ô, ianao no mpiandraikitra ny olombelona rehetra, omeo mpitondra hendry sy mahafoy tena izao tontolo izao indrindra ny eto amin'ny nosinay, omeo mpiandry ondry mahiratra sy mahery fo ny Eglizinao amin'izao fotoana sarotra lalovanay izao, arotsahy aminay mandrakariva ny fahasoavanao mba ho Eglizy Olona Velona manorina ETA Eglizy Tranon'Andriamanitra mba ho génération mpanorina tokoa izahay ka ho mpamafy fanantenana sy fiadanana eo anivon'ny mpiara-belona aminay hahatonga anay koa ho tena mpianatrao. Masina Maria ianao no Mpanjakavavin'ny vôkasiona, mivavahà ho an'ny fianakaviana "eglizy kely" mba ho tanin-ketsan'ny vôkasiona tokoa ka hiroborobo ny tokantrano kristianina, ho maro ny relijiozy famantaram-pitiavan'Andriamanitra, ary ny pretra hifikitra amin'I Jesoa Zanakao ka hanahaka azy Mpiandry Ondry tsara. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy erantany ampianaro izahay tsirairay hivelona ny vokasionay eo anivon'ny fiainanay andavanandro ka hahatonga anay ho mpivahinin'ny fanantenana eo anivon'ny mpiara-belona aminay. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson